# MAGAZINE

*Gazetin'ny*

## CROIX-ROUGE MALAGASY

ÉDITION SPÉCIALE 2020



# MPILATSAKA AN-TSITRAPO MANDRAY ANJARA AMIN'NY FANAMAIVANANA NY FANAINTAINAN'NY MPIARA-BELONA

Gratuit / Tsy azo amidy







***Directeur de la Publication***
Andoniaina RATSIMAMANGA

***Ont participé à la rédaction***
Antsa Niaina RAVELOMANANTSOA
Antsa MIRADO

Les Chefs de Départements
Les Chefs de Volets
Les volontaires communicateurs

***Design et Mise en page***
Responsable Communication

***Supports photographique***
Volontaires Communicateurs
Relais Diffuseurs
Équipe de projet

***Contact***
Croix-Rouge Malagasy
1, Rue Patrice Lumumba
Tsaralàlana Antananarivo 101
MADAGASCAR
Tel : +261 34 30 811 12
E-mail : com@crmada.org
www.croixrougemalagasy.mg
Facebook : Croix-Rouge Malagasy
Tweeter : @Malagasy Red Cross

Cette publication est financée par la Croix-Rouge Allemande

# SOMMAIRE

**Editorial** 3

**SANTÉ**
*Maro ny mpiara-miombon'antoka nanampy sy nanohana tamin'ny ady tamin'ny Covid-19* 4

**Jeunesse de la Croix-Rouge Malagasy** 9

**GRC**
*Fiomanana amin `ny loza sy ny tandidon-doza* 12

***Hain-trano sy Asa famonjena*** 12

***Projet en partenariat avec l'AICRL Aide Internationale de la Croix-Rouge luxembourgeoise*** 14

***Projet en partenariat avec la Croix-Rouge Allemande*** 15

***PIROI Plateforme d'Intervention Régionale de l'Océan Indien*** 15

***SAP : Code Couleur*** 16

**JIV**
*Faritra maro manerana ny nosy no nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny mpilatsaka an-tsitrapo ny 05 desambra 2020.* 20

**BIOGRAPHIE d'un volontaire engagé** 22

# EDITO



La pandémie mondiale de Covid-19 a touché Madagascar. La Croix-Rouge Malagasy avec les soutiens des partenaires nationaux et internationaux est en première ligne dans la lutte pour apporter son assistance en fournissant des volontaires, des matériels et équipements logistiques afin de préserver au mieux la santé de la population, limiter la propagation du virus et éviter les désastres sanitaires.

Plusieurs volontaires provenant des régions de l'île ont collaboré avec le gouvernement et toutes les parties prenantes, incluant la Croix-Rouge Malagasy et les partenaires du Mouvement de la Croix-Rouge et du Croissant Rouge (FICR, PIROI, la Croix-Rouge Luxembourgeoise et la Croix-Rouge Allemande) , et ses partenaires privés (Fondation COCA COLA, NESTLE et OMS).
Nous saluons les efforts déployés par les volontaires et les membres de la Croix-Rouge Malagasy, les personnels soignants et les agents des organismes humanitaires dans le cadre dans cette lutte commune.

Nous remercions particulièrement la Présidence de la République et la Première Dame, en la personne de Madame Mialy RAJOELINA, notre Présidente d'Honneur, pour leurs appuis et confiance à la Croix-Rouge Malagasy.

Evidemment, la Croix-Rouge Malagasy a réalisé ses activités conventionnelles comme la célébration de la journée mondiale de la Croix-Rouge le « 8 Mai », la célébration de la journée mondiale des Premiers Secours et la Journée Internationale des volontaires. Beaucoup restent à faire pour rendre opérationnelles et effectives les actions de la Société Nationale. Nous invitons les bonnes volontés à combiner les efforts et travailler avec nous pour atteindre les objectifs que nous nous sommes fixés dans notre plan stratégique 2021-2025.
Pour terminer, nous souhaitons à tout un chacun nos meilleurs voeux de SANTE, de Bonheur, de Succès et d'Amour en ce début d'année 2021.

Alice RALISOA
La Présidente Nationale



# SANTÉ

## *Croix-Rouge Malagasy nandray anjara mavitrika tamin’ny ady @ Covid-19*

Aman’alina ireo Malagasy voamarina fa nitondra ny tsimok’aretina Covid-19 teto Madagasikara nandritra izay volana maromaro izay. Niaraka nihosona tamin’ny mpiasan’ny fahasalamana nikarakara ireo marary ireo tamin’ny sehatra samihafa ny mpirotsaka an-tsitrapo 1643 eto anivon’ny Croix Rouge Malagasy.

Ny anjara biriky nentin’ireo mpirotsaka an-tsitrapo nandritra izany dia fanentanana teny anivon'ny fiaraha-monina ny fanohanana ireo mpiantsehatra tao amin’ny ivotoerana nitsaboana ny mararin’ny Covid-19 tamin’ny alalan’ny fandrindrana ireo fandriana nandraisana ireo marary mila nahiditra hopitaly ; ny fanaraha-maso ny fahadiovan’ireo efitrano misy marary ; ny fandraisana an-tsoratra ireo fanafody maimaim-poana nivoaka sy niditra teny amin’ny CSB II (niarahana tamin’ny ekipan’ny présidence sy ny "Association Fitia") mba hifanaraka amin’ny isan’ny marary tonga manao fizaham-pahasalamana (marary ahiahiana ho mitondra ny tsimok’aretina, sy ireo efa nitondra na nifanerasera amin’ny olona efa nitondra ny tsimok’aretina).

***Auxiliaire aux pouvoirs publics , la Croix-Rouge Malagasy est plus que jamais au coeur des réponses face à la pandémie de COVID-19 en mobilisant 1643 volontaires pour la réalisation des sensibilisations itinérantes auprès des différents groupes de populations et des visites à domiciles pour la sensibilisation aux gestes barrières et aux techniques de lavages des mains, pour les suivis de contacts, ainsi que l'appui aux centres de traitements médicaux dans le cadre du suivi des capacités d'accueil en étroite collaboration avec la plateforme digitale, pour assurer hygiène et gestion de surface au niveau des 28 centres de traitement Covid-19 (CSB) d'Analamanga, de renseignement et pour la gestion des informations et des médicaments avec la collaboration de la Présidence et de l'Association Fitia.***

# Fanentanana ny mponina no anisan'ny hetsika nibahan-toerana nandritra ny ady natao tamin'ny Covid-19



Nisy ny fanentanana teny anivon'ny Fokontany maro samihafa teto Madagasikara ka ny **vangivangy arahina dinidinika** no nanehoana an'izany. Tokantrano manodidina ny 94 614 teo no voavangy, izany hoe manodidina ny olona 255 831 teo no nahazo fanentanana mivantana. Nanao fanentanana vondron'olona mitovy firehana (**focus group**) ka vondrona miisa 81 teo no nanaovana izany ka nipaka tamin'ny olona 4 456 teo ho eo. Nisy ihany koa ny fanentanana izay naparitaka manerana ny faritra tamin'ny alalan'ny fahita lavitra sy ny fanentanana momban'ny fihetsika sakana izay naparitaka tamin'ny alalan'ny fampielezam-peo ka olona mihoatra ny 2 407 830 teo no naheno izany. Tsy azo adinoina ihany koa ny fanentanana faobe izay natao teny anivon'ny sekoly, toerana an-kalamanjana sy be olona.

***Nos volontaires ont réalisé des visites à domicile (94 614 ménages et environ 255 831 personnes touchés) et des réunions de groupes (4 456 personnes sensibiliser dont 81 groupes ) pour sensibiliser la population au niveau des Fokontany sur la lutte et la prévention contre le Covid 19 , les sensibiliser sur la promotion de l'hygiène et des gestes barrières.....***





# Fizarana DLM manerana ny nosy nataon'ny Croix-Rouge Malagasy

Notsinjaraina sy naparitaka tamin'ny faritra maro manerana ny nosy ireo fitaovana fanasana tànana na DLM miisa 577. Nahazo 316 isa tamin`izany ny faritra Analamanga, 69 ny faritra Atsinanana, 34 ny faritra SAVA, 22 ny tany Vakinankaratra, 30 ny tany Boeny, 40 ny tany Analanjirofo, 20 ny tany Haute Matsiatra, 20 ny tany Atsimo Andrefana ary 26 ny tany Alaotra Mangoro.

Nahatratra 96 % noho izany ny tahan'ireo olona nisitraka maimaim-poana ireo fitaovana ireo izay ahitana: **Siô 15L – Savony – Bidon 20L + robinet.**

Ny sasany tamin'ireo fitaovana ireo apetraka eny amin'ny toeram-pianarana, toerana fivarotana, toerana fiantsonan'ny zotra nasionaly, toeram-pitsaboana fototra faha II na CSB II ary ny sasany kosa teo anivon'ireo biraom-pokontany vitsivitsy tena mila izany.

***577 dispositifs de lavage des mains ont été distribués dans 8 régions de Madagascar. Environ 96% de bénéficiaires ont reçu un seau de 15L, des savons et un bidon avec robinet de 20L. Ces DLM ont été placé au niveau des écoles, des marchés, des gares routières, des CSB II et des bureaux du fokontany.***













# Famendrahana ranom-panafody tany amin'ny faritra vitsivitsy nataon'ny Croix-Rouge Malagasy sy ny Jeunesse de la Croix-Rouge Malagasy

Ho fisorohana ny fihanakin'ny valan'aretina coronavirus sy ny mety hiparitahany manerana ny nosy dia nisy ny famendrahana ranom-panafody tany amin'ny faritra Analamanga, Antalaha, Atsinanana ary Vakinankaratra, izay notanterahan'ny CRM.

Famendrahana ranom-panafody teny amin'ireo toerana be olona
519 no natao, raha ny teto Analamanga, tsena lehibe 5 no nanaovana famendrahana ranom-panafody: Ambohimanarina, Analakely, Andravoahangy, Isotry ary Mahamasina.

Nisy ihany koa ny fiaraha-miasan'ny Croix-Rouge Malagasy sy ny Talem-paritry ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana mba ahafahana mamendraka ranom-panafody ny fonja (Tsiafahy sy Antanimora) sy ny Akany Fanabeazana Fanarenana Zaza Mania.

Tao anatin'ny fanomanana ny fanadinam-panjakana CEPE sy BEPC dia nanao famendrahana ranom-panafody ny toeram-panadinana ihany koa ny Croix-Rouge Malagasy niaraka tamin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana.

Nentina niarovana ireo mpiadina moa izany hetsika izany fa indrindra ihany koa mba nahafahan'izy ireo niatrika ampilaminana ny fanadinana. Nandray anjara mavitrika koa ny Jeunesse de la Croix-Rouge Malagasy nanao famendrahana ranom-panafody tany amin'ny faritra izay misy azy avy.




*Jeune de la Croix-Rouge Malagasy Antalaha*



*Jeune de la Croix-Rouge Malagasy Ambositra*




*Famendrahana tsena Alakamisy Fenoarivo*

***Des désinfections dans les lieux publics ont eu lieu dans les régions d'Analamanga, SAVA, Atsinanana et Vakinankaratra, incluant les écoles, les stationnements de transports publics, des hôtels hébergeant les ressortissants Malagasy mis en quarantaines, marchés de la capitale (Ambohimanarina, Analakely, Andravoahangy, Isotry et Mahamasina) avec la coordination de la CUA, le Ministère de l'eau et de l'assainissement, les prisons de Tsiafahy et Antanimora, ainsi que le Centre de Rééducation des mineurs ; les centres d'examens de CEPE, BEPC en appui au Ministère de l'Éducation Nationale et du Ministère de la Justice.***

## *Nanome fanampiana ara-bola tokantrano sy olona maro ny Croix-Rouge Malagasy*

Tokantrano sy olona maherin`ny 3992 teo no nahazo fanampiana ara-bola avy tamin`ny Croix-Rouge Malagasy fanampiana avy amin'ny Croix-Rouge Allemande sy ny FICR. Nisitraka izany ny distrika III teto **Analamanga**, tao amin'ny faritra **Alaotra Mangoro** (ny **distrika Amparafaravola sy Ambatondrazaka),** tao amin'ny faritra **Betsiboka** ny **Maevatanana I sy II, Mampikony** ary ny tany **Toamasina,** faritra **Alaotra Mangoro (Ambatondrazaka sy Amparafaravola)** ary ny tany amin'ny **distrikan'ny Mampikony.**
Tohana entin`ireo olona miatrika ny fotoan-tsarotra izany vola izany, tao ny tondra-drano sy ny valan`aretina Covid-19.

***La Croix-Rouge Malagasy avec la Croix-Rouge Allemande et la FICR ont appuyé 3992 ménages en cash pour la réponse aux inondations du 24 janvier 2020 et la réponse au Covid-19. Les bénéficiaires ont été dans la région d' Analamanga (101 ménages) , la région Alaotra Mangoro (639 ménages) dans les districts d`Amparafaravola et Ambatondrazaka, la région Betsiboka (427 ménages) dans les districts de Maevatanana I et II), dans le district de Mampikony (842 ménages), dans la région Atsinanana (1983 ménages) dans le district de Toamasina.***








## Fanampiana ireo marefo tany amin'ny faritra Itasy

Foto-kevitra iainan'ny Croix-Rouge ny fampihenana ny faharefoan'ny mpiarabelona. Nanamafy izany ireo mpikambana sy mpilatsaka an-tsitrapo tato amin'ny faritr'Itasy. Nahazo fanampiana izy ireo tany amin'ny Andriamatoa Bipine Veljee. soloin'Andriamatoa Sanjeev Hematlal, ny HV Fondation : savony miisa 9 baoritra avy tany amin'ny Andriamatoa Bipine Veljee; paty 55 baoritra, bisky 20 baoritra, harona plastika ary fitaovana maro samihafa tany amin'ny HV Fondation.
Nisy ihany koa ny fanomezana avy tany amin'ireo mpandraharaha Malagasy.
Nozaraina ny 19 septambra 2020 ireo fanomezana ireo ho an' ireo be antitra ao amin'ny distrikan'Arivonimamo, Miarinarivo ary Soavinandriana.



***La Croix-Rouge Malagasy - Région Itasy a reçu des donations venant des partenaires privés ( Sanjeev Hematlal, la HV Fondation et des opérateurs Malagasy) : 9 cartons de savons, 55 cartons de nouilles, 20 cartons de biscuits, 9 balles de friperie et des moyens logistiques. Ces dons ont été offerts auprès des personnes agées dans les districts d'Arivonimamo, Miarinarivo et Soavinandriana.***




*Nanampy ny Fanjakana ny Croix Rouge Malagasy tamin'ny alalan'ny fametrahana trano lay miisa 21 nahafahana nandray ireo marary ny Covid-19, hanaovana fitiliana, hahafahan'ny Tobim-pahasalamana hiatrika ireo filana maika mandritra ny* fandraisana an-tànana ireo marary voamarina tratran'ny Covid-19 ary nandraisana ireo teratany Malagasy mody teto an-tanindrazana. T*ao anatin'izany ny teny amin'ny BNGRC, DRS Toamasina , DRS Moramanga, Centre Médical Covid-19 (CMC) teny amin'ny Village Voara, Centre de traitement Mahamasina, CCO Ivato, DRS Haute Matsiatra, DRS Alaotra Mangoro, DRS Vakinankaratra, CHRD Anosy avaratra.*

***La Croix-Rouge Malagasy a mis à disposition 21 tentes auprès du gouvernement (BNGRC, DRS Toamasina , DRS Moramanga, Centre Médical Covid-19 (CMC) au Village Voara, Centre de traitement Mahamasina, CCO Ivato, DRS Haute Matsiatra, DRS Alaotra Mangoro, DRS Vakinankaratra, CHRD Anosy avaratra ) pour servir de centre de traitement, site de dépistage , centre de référencement, points de controle des ressortissants Malagasy pour le test TDR dans le cadre de rapatriement.***





*Manakaiky hatrany ny fiaraha-monina ny Croix-Rouge Malagasy tamin'ny alalan'ny fizarana aro-tava natao tany Antalaha.*

***Plus que jamais au cœur de la société: comme ici lors d'une séance de distribution de masque à Antalaha.***






# MARO NY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA NANAMPY SY NANOHANA

Tsy afaka mialangalana ny Croix-Rouge Malagasy manoloana ireo voina ara-boajanahary na ara-pahasalamana izay miteraka faharefoana eny anivon'ny fiaraha-monina, sy mety hanohintohina ny zo fototra maha olona.

Mpirotsaka antsitrapo **1643** manerana an'i Madagasikara no nifandrimbona nanatevin-daharana ireo mpiantsehatra maro isan-karazany tamin'ny fiatrehana ny hamehana ara-pahasalamana sy ny ady natao tamin'ny fisorohana ny fiparitahan'ny valan'aretina covid-19.




Ny asa rehetra natao nandritra izany dia niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny Croix-Rouge Malagasy anisan'izany ny PIROI, NESTLE, FICR, Croix-Rouge Luxembourgeoise, OMS ary ny Croix-Rouge Allemande, teo ambany fiadidian'ny Ministeran'ny Fahasalamana ary narahan'ny CCO Ivato sy CRCO maso akaiky.

***La Croix-Rouge Malagasy a travaillé étroitement avec ses partenaires pour pouvoir lutter efficacement contre la Covid-19. PIROI, NESTLE, FICR, Croix-Rouge Luxembourgoise , OMS et Croix-Rouge Allemande y ont prêté main forte pendant la pandémie. Toutes les activités faites ont aussi été supervisées par le Ministère de la Santé Publique en collaboration avec le CCO Ivato ainsi que les CRCO .***

Légendes :

- ZI_COVID_GRC
- Zone_Intervention_COVID
- Zone_Intervention_GRC

Source: BD100 FTM
Auteur: Many Daniel RAKOTONIRINA

Les Parties Prenantes :

- PIROI Plateforme d'Intervention Régionale de l'Océan Indien
- Croix-Rouge Luxembourgeoise
- Croix-Rouge Allemande
- Organisation Mondiale de la Santé
- Fédération Internationale de la Croix-Rouge et du Croissant-Rouge






*Anisan'ny nanamarika ny taona 2020 dia ny fisian'ny valan'aretina covid 19, tsy nikely soroka ireo tanora mpirotsaka an-tsitrapo teto @CRM na dia teo aza izany, nanampy, nanentana ary niara niady tamin'izany izy ireo.*

*Ny birao nasionaly ny JCRM, NOMENJANAHARY robinson elias sy RADIMILAHY Tsioriniaina Ernest dia maneho fisaorana ireo tanora sy mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny distrika sy faritra isan-karazany noho ireo hetsika nataony ireo nandritra ity taona ity.*

*Ny JCRM moa dia misehatra amin'ny fanabeazana, ny ady amin'ny herisetra sy ny fanavakavahana, ny fampiroboroana ny fotokevitra hijoroan'ny Croix-Rouge ny vonjy-voina hoan'ny ankizy ary ny fitatanana ny loza voajanahary, izany rehetra izany dia hisitrahan'ireo ankizy, tanora ary ny tanora zokiny latsakin'ny 30 taona.*

## "Ampio Izy Hanampy"

***Mpilatsaka an-tsitrapo** miisa **10295**, **mpikambana** sy **tekinisianina** maro no miara-misalahy, isan'andro, manerana ny faritra 22 ny distrika 119 ary ny kaominina arivo mahery eto Madagasikara manampy ireo olona tena marefo hahafahany misoroka sy miomana amin'ny loza ary hafahan'ny miotr'izany faharefoany izany.*





# FANDRAFETANA PAIK'ADY enti-miasa mandritra ny 5 taona manaraka, 2021-2025

Ny hetahetan'ny Croix-Rouge Malagasy ankehitriny dia ny fananganana rafitra nasionaly matanjaka. Izany dia mitaky paikady mifanaraka amin'ny tontolon'ny maha-olombelona ankehitriny ary mamaly ny filan'ny mpandray anjara isan-karazany.

Ny Croix-Rouge Malagasy dia nanana drafitra fanarenana, na izany aza, ny fanatrarana io tanjona io dia ny mba hahatonga ny rafitra matanjaka sy lohany eo amin'ny sehatry ny maha-olona ka mitaky asa sy fotoana maharitra. Ho fanampin'izay, nifarana tamin'ny taona 2019 ny paikady teo aloha an'ny Rafitra Nasionaly. Izany no antony maha-zava-dehibe ny fanombohana ny fampandrosoana ny paikady vaovao ho an'ny Croix-Rouge Malagasy mandritra ny dimy taona manaraka.

Tonga nanatrika izany atrik'asa izany ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny Croix-Rouge Malagasy, ireo filoham-paritra ary ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ao amin'ny Croix-Rouge.

***Pour les 5 prochaines années à venir, la Croix-Rouge Malagasy veut faire de la Société Nationale, une entité forte. L'objectif principal est d'être le leader dans le domaine humanitaire. Le bureau exécutif de la Croix-Rouge, tous les Présidents Régionaux ainsi que les équipes techniques de la Croix-Rouge ont élaboré un plan stratégique pour le prochain quinquénat.***




## Nahazo fiara fitanterana marary manara-penitra ny Croix-Rouge Malagasy

Nanolotra "ambulance" ary fitaovana samihafa ihany koa entina ampiasaina amin'ny ady amin'ny valan'aretina Covid-19 tany amin'ny faritra miisa 7 ho an'ny Croix-Rouge Malagasy ny "Fondation Coca-Cola" ny 18 septambra 2020 tamin'ny alalan'ny Fédération Internationale de la Croix-Rouge et du Croissant-Rouge (FICR) , fanomezana entina hanohanana amin'ny ady atao amin'ny Covid-19 hataon'ny FICR eto Madagasikara. Hanohanana azy ireo koa mandritra ny fisian'ny loza voajanahary.



***La Fédération Internationale de la Croix-Rouge (FICR) a remis le 18 septembre 2020 à Tsiadana, une ambulance et des Equipements de Protection Individuel à la Croix-Rouge Malagasy pour appuyer ses services de santé, grâce au partenariat avec la Fondation Coca-Cola à travers un appel international de la FICR pour la lutte contre le Covid-19.***



# GRC

## *Fitantanana ny loza sy ny tandidon-doza*

### *Hain-trano teny 67ha, Manarintsoa Atsinanana ary Vohipeno*

Ny 11 janoary 2020 dia nitrangana hain-trano tany Vohipeno. 235 tafo no main'ny afo tamin'izany ary 1371 ireo tra-boina. Nanao izay ho hafany sy nandray anjara mavitrika ireo mpilatsaka an-tsitrapon'ny Croix-Rouge

Malagasy tamin'ny faritra Vatovavy-Fitovinany nanampy tamin'ny fotoana rehetra. Mpilatsaka an-tsitrapo 4, NDRT 1 ary BDRT 3 ary Gouvernance iray no nanome tànana tamin'ny asa rehetra natao, indrindra tamin'ny fampitaovana azy ireo.

Nahatarafana hain-trano ny teto Antananarivo Renivohitra nandritra ny fotoana fiadiana tamin'ny valan'aretina Covid-19. Fokontany 2 no nahita izany dia ny teny 67ha sy ny teny Manarintsoa Isotry. Trano miisa 421 no kilan'ny afo teny amin'ny fokontany 67ha ny 23 jiona 2020. Mpilatsaka an-tsitrapon'ny Croix-Rouge Malagasy 30 no nanolo-tanana teny an-toerana, 32 ny trano lay natsangana ho fialofan'ireo tra-boina. Anatin'ny vanim-potoana Covid-19 no nisehoan'izany hain-trano izay ka tsy maintsy nentanina ireo mponina ny amin'ny fihetsika fiaro rehetra sy ny fanaovana aro vava.

Ny teny amin'ny fokontanin'ny Manarintsoa Isotry ny 24 oktobra 2020 dia niisa 80 ireo trano may ka trano hazo ny 65 amin'izany ary 15 no trano biriky.




Nanangana trano lay 5 ihany koa ny Croix-Rouge Malagasy ho fialofan'ireo fianakaviana tra-boina. Nizara fanampiana ihany koa ny Croix-Rouge Malagasy ka 101 ireo kojakoja (vilany, koveta, lovia, sotro, ary savony fidiovana) nozaraina tamin'ireo niharam-boina tamin'izany. Na dia teo ary izany hain-trano rehetra izany dia tsy nitsahatra nanentana ny olona hatrany ny Croix-Rouge Malagasy ny amin'ny fanarahana ireo fihetsika fiaro amin'ny valan'aretina Covid-19.

***Le district de Vohipeno , les fokontany de 67ha et de Manarintsoa Isotry ont été victimes d'incendies pendant cette période de Covid-19. La Croix-Rouge Malagasy a apporté son aide à travers l'installation des tentes et la distribution de 101 kit cuisine et 275 kit wash.***

## *Asa famonjena*

- Tohin'ny asa natao tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza Belna dia nisy mpilatsaka an-tsitrapo 91 voaofana tamin'ny "fampiharana ny fiofanana mahakasika ny "Vonjy Voina sy ny Fahasalaman-bahoaka na PSSBC" tao amin'ny **faritra Boeny sy Melaky** .

- Ny Croix-Rouge Malagasy niaraka tamin'ny Croix-Rouge Allemande dia nanampy ny mponina tamin'ny alalan'ny fizarana lay sy lelavola entin'izy ireo mitraka tao aorian'ny fandalovan'ny rivodoza tao amin'ny distrikan'ny **Mampikony**, tokantrano miisa 842 no nahazo lelavola fanampiana.



- Nisy ihany koa ny fanentanana natao momban'ny fahadiovana, olona 14 649 teo ho eo no voakasika tamin'izany. Raha tsahivina dia nizara fitaovana maro isan-karazana ihany koa ny Croix-Rouge sy ny FICR ka mitsinjara toy izao : Moustiquaire: tamin'ny tokantrano 861, Kit Shelter: tamin'ny tokantrano 544, kit wash: tamin'ny tokontrano 764, kit cuisine: tamin'ny tokantrano 531, tsy azo adinoina ny fampiofanana maro ireo mpilatsaka an-tsitrapo 209 tao anatin'izany rehetra izany, mpilatsaka an-tsitrapo 60 nahazo fiofanana mahakasika ny teknika fizarana fanampiana.

***Dans le cadre des activités de préparation et de réponses aux catastrophes, la Croix-Rouge Malagasy à appuyer 2009 ménages dans les régions d'Alaotra Mangoro, Analamanga et Betsiboka, qui ont été affecté par la grande inondation de 24/01/2020 : 842 ménages de la Région de Sofia (District Mampikomy) ont bénéficié de Cash, 639 ménages pour la region Alaotra Mangoro (Districts d'Ambatondrazaka et Amparafaravola) et 101 ménages dans la Région Analamanga (District du 3ème Arrondissement) , 2700 ménages ont bénéficié de NFI (Moustiquaires, kit shlelter, kit was tentes , kit cuisine)***

***Réponse inondation (DREF HEAVY RAIN_ FICR) :***

- ***1167 ménages ayant reçu un cash (Région alaotra mangoro : district d'ambatondrazaka et ampatafaravola , analamanga (Tanà III), Betsiboka (Maevatanana I e t II) ),***
- ***14 649 Personnes (2 930 Ménages) sensibilisée en WASH ET Promotion d'hygiène,***



***Récapitulatif des distributions (NFI) pour les 03 Régions :***

- ***Moustiquaire : 861 ménages***
- ***Kit Shelter : 544 ménages***
- ***Kit wash : 764 Ménages***
- ***Kit cuisine : 531 ménages***
- ***Tente distribué et mise à disposition : 15 (Alaotra Mangoro)***

# PROJET EN PARTENARIAT AVEC L'AICRL
## AIDE INTERNATIONALE DE LA CROIX ROUGE LUXEMBOURGEOISE

### *Tetik'asa Tsara fiomanana*

Vokatrin'ny fiaraha miasa eo amin'ny Croix-Rouge Malagasy sy ny Aide Internationale de la Croix-Rouge Luxembourgeoise AICRL) dia manohana faritra Telo amin'ny fiomanana amin'ny fiavian'ny loza voajanahary ny tetik'asa TSARAFIOMANANA. Ny faritra SAVA, Analanjnirofo sy Diana no misitraka mivantana izany.




Mba ahafahana manatanteraka ireo tetik`asa ireo araka ny tokony ho izy dia ireto avy ny fampiofanana sy fanohanana natao:

**Fampiofanana BDRT:**
Nahazo fampiofanana ireo mpilatsaka an-tsitrapo mandrafitra ny ekipa mpiatrika ny loza eny ifotony (BDRT) tany amin`ny faritra vitsivitsy. Fanomezana traikefa ilain'ireo mpilatsaka an-tsitrapo eny ifotony mahakasika ireo asa sy andraikitra sahanin'ny CRM mandritra ny fiomanana sy fiatrehana ny loza ary fanarenana no votoatin'izany fampiofanana izany.

**Fampiofanana ireo mpirotsaka antsitrapo ETAL :**
Natsangana ny andiany voalohany amin'ireo mpirotsaka antsitrapo mpanao tantsoroka ara-pitaovana sy famatsiana (logistique) eny Ifotony amin'ny fiomanana sy fiatrehana ny hamehana.Faritra telo ; Analamanga, DIANA ary Analanjirofo no nisitraka izany.

**Fanohanana ny sampana CRM :**
Ho fampitomboana ny fahafaha miatriky ny sampana CRM eny ifotony dia nanohana amin'ny fananganana fotodrafitrasa ho fitehirizana ireo entana ampiasaina hamonjena ny ankahamenana ny tetik'asa. Ao Antalaha, Ambanja ary Soanierana Ivongo no nanatontosana izany fotodrafitrasa izany. Fitaovam-pamonjena toy ny kojakoja an-dakozia, fitaovana fanarenana trano vonjimaika ary kojakoja momba ny rano fidiovana sy fanadiovana ho an'ny fianakaviana miisa 1700 no nalefa ho tehirizina amin'ireo toeram-pitobian'entana natsangana ireo.

### *Tetik'asa Tsarahonenana II - Antalaha*

Ankilan`izay dia natomboka tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny distrikan'Antalaha , faritra SAVA, ny 13 novambra 2020 ny tetik'asa TSARAHONENANA II. Nandritra izany fanombohana izany dia nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy ireo ekipa tekinika hanantanteraka ny tetik'asa .
Ny tanjona dia ny fanohizana ny ezaka efa natao ho fampihenana ny faharefoana sy fampitomboana ny fahafa-miatrikin'ny mponina manoloana ny loza sy ny tandindin-doza. Fokontany 12 ao amin'ny kaominina ambanivohitra Ampohibe, Ampahana ary Sahantaha, distrikan'Antalaha no hisitraka mivantana ny tetik'asa. Ho voakasika manokana amin'izany ny sehatr'asa ny trano sy ny toeram-ponenena, ny rano fidiovana sy fahadiovana ary ny fitantanana ny loza sy ny tandidon-doza amin'ny ankapobeny.

***La Croix-Rouge Malagasy mets en œuvre un projet de Réduction de Risque de Catastrophe en partenariat avec l'Aide Internationale de la Croix-Rouge Luxembourgeoise (AICRL), dans la région SAVA (3 communes , 12 fokontany dans le district d'Antalaha) , Analanjirofo ( dans le district de Soanierana Ivongo, Sainte Marie, Maroantsetra, Mananara, Fenerive Est, Vavatenina) et Diana ( dans le district d'Ambanja, Diego I, Diego II, Ambilobe, Nosy Be) pour une durée de 3 ans.***

***Les principales activités concernent la formation des BDRT (Branch Disaster Respons Team), le renforcement de capacités des volontaires en logistique et gestion de stocks de contingence, un appui à la branche de la Croix-Rouge Malagasy.***



# PROJET EN PARTENARIAT AVEC LA CROIX-ROUGE ALLEMANDE

Vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny Croix-Rouge Allemande dia nanampy tosika ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra ny Croix-Rouge Malagasy ho fanatsarana ny drafitra fiomanana amin'ny loza sy ny toerana fifindrana ary toerana fialofana. Ny 16 sy 23 novambra 2020, mpilatsaka an-tsitrapo 40 avy amin'ny boriboritany 6 eto an-drenivohitra no nahazo fiofanana momban'ny fanaovana fanadihadiana sy ny fanombanana ireo toerana azo ifindrana, izay natao tao amin'ny Lapan'ny tanàn'Antananarivo. Ankilan'izay fokontany 192 ihany koa no nanaovana tombana mahakasika ny toerana fifindrana mandritra ny loza mitranga.




Nisy ihany koa ny fanombanana ny faharefoana sy ny fahafaha-miatrikin'ny boriboritany 4 teto Antananarivo renivohitra ka lehiben'ny fokontany miisa 58 avy no nanatrika izany. Izany no natao mba hizahana ireo fokontany marefo amin'ireo karazana voina lehibe mety hitranga. Mpilatsaka an-tsitrapo 24 avy amin'ny distrika voalohany sy fahaefatra no nofanina momban'ny fanombanana ny faharefoana sy ny fahafaha-miatrika. Ny tanjon'ity farany moa dia ny mba hanamorana ny tombana eny anivon'ny fokontany mba ahafahana mahalala ireo filana fototry ny mponina rehefa misy voina na olana mitranga eny ifotony.

***La Croix-Rouge Malagasy mets en oeuvre un projet de préparation et de résilience aux catastrophes en milieu urbain, dans la région d'Analamanga en partenariat avec la Croix-Rouge Allemande. Dans ce cadre la Croix-Rouge Malagasy a appuyé la Commune Urbaine d'Antananarivo dans l'actualisation du plan contingence, des sites d'évacuation et d'hébergement de la ville d'Antananarivo, en mobilisant 40 volontaires issus des 6 arrondissements de la capitale pour l'évaluation des sites d'évacuation des 192 fokontany***

***Une Evaluation de la Vulnérabilité et de Capacité (EVC) a été réalisée au niveau du 1er et 4ème arrondissements (cibles du projets) rassemblant 58 chefs fokontany, en mobilisant 24 volontaires pour accompagner la communauté sur le processus d'EVCA dans l'identification des problèmes majeurs, les besoins et solutions.***

# PIROI Plateforme d'Intervention Régionale de l'Océan Indien

Nahazo fampiofanana ireo mpilatsaka an-tsitrapo mandrafitra ny ekipa mpiatrika ny loza eny ifotony (BDRT) tany amin`ny faritra vitsivitsy. Fanomezana traikefa ilain'ireo mpilatsaka an-tsitrapo eny ifotony mahakasika ireo asa sy andraikitra sahanin'ny CRM mandritran'ny fiatrehana ny loza no votoatin'izany fampiofanana izany.

- 51 ny mpilatsaka an-tsitrapo nahazo fampiofanana mandrafitra ny ekipa mpiatrika ny loza eny ifotony (BDRT)
- 33 ny DLM napetraka teny amin'ny distrika ny **Farafangana sy Mahajanga I**
- Fanavaozana ny "Curricula de formation BDRT"
- Fanadihadiana fahararefoana sy fijerena ny "Système d'Alerte Précoce SAP " tamin'ny distrikan'ny **Marovoay sy Farafangana**
- Fanentanana amin'ny fiomanana amin'ny loza voajanahary sy covid19
- Fanaovana ny "inventaire stock" tany Tamatave sy Antananarivo
- Fanatanterahana ny fanadihadiana taorian'ny fampiasana ny "bâche phosphorescente" tao Antalaha (PIROI sy HDB)

Fiaraha-miasa amin`ny PIROI arak`izany no nahafahana nanao izany rehetra izany tao amin'ny faritra **Atsimo Atsinanana sy Boeny.**




***Pour préparer la saison cyclonique 2020-2021, la Croix-Rouge Malagasy a formé 51 BDRT en Gestion des Risques et Catastrophes, dans la région d'Atsimo Atsinanana (Farafangana et Vangaindrano) et de Boeny (Marovoay et Mahajanga) grâce à l'appui de la PIROI.***



# LOKO MAITSO : LOZA FANAIRANA

(5 hatramin'ny 2 andro mialohan'ny fihavian'ny loza)

## MAHAIZA MIHAINO !!!!



- Atsangano ny saina maitso isaky ny zanatanàna
- Mihainoa radio sy fanentanana ataon'ny fokontany tsy tapaka
- Jereo ny SMS mikasika ny filazana loza amin'ny finday
- Ampandreneso ny manodidina
- Amafiso ny varavarana sy ny trano fonenana
- Asio gony misy fasika ny tafon-trano
- Arovy ny fitaovana sy taratasy sarobidy  ary ny fanafody
- Fantaro ny toerana fialofana sy hametrahana  ireo biby fiompy
- Tapaho ny hazo mety hampididoza
- Homano ny toerana asiana ireo ambim- bokatra sy ny ambioka
- Miomàna amin'ny fisy fanadihadiana sy SMS

Numéro Vert : 034 30 811 12




# LOKO MAVO: LOZA MANAMBANA

(48 hatramin'ny 24 ora mialohan'ny ahatongavan'ny loza)

## MIOMANA IANAREO !!!!

- Atsangano ny saina mavo
- Mialà amin'ny trano marefo sy toerana amoron'ny renirano sy ny tany mety hihotsaka ary mamonje toerana azo antoka
- Apetraho amin'ny toerana avo ny biby fiompy
- Ampiakaro ny fitaovam-panjonoana sy ny lakana
- Apetraho amin'ny toerana avo ireo fitaovana sarobidy
- Manomàna sakafo, rano madio, sy kojakoja andavanandro azo tehirizina ary ampy ho an'ny telo andro ho avy
- Ampirimo amin'ny toerana azo antoka ireo fitaovam-pianarana
- Zarao vaovao tsy tapaka ny manodidina anao
- Sokafy ny toha-drano
- Ampirimo ny panneau solaire sy ireo « antenne » maro samihafa
- Jereo ny fiankaran'ny rano





# LOKO MENA: LOZA MITATAO

(12 ora mialohan'ny fihavian'ny loza)

## MIJANONA AO AN-TRANO! AZA MIVOAKA!

- Atsangano ny saina mena
- Ampandreneso ny olona ny amin'ny filazana loza mitatao
- Tapaho ny herinaratra



# LOKO MANGA: FIAMBENANA

(Avy nandalo ny rivodoza)

## MBOLA MILA MAILO !



- Atsangano ny saina manga
- Malina hatrany  amin'ny rano fisotro "nampangotrahina", amin'ny tariby
  mitondra herinaratra, amin'ny fiakaran'ny rano, amin'ny fiotsahan'ny tany
- Mampivory ny komity GRC ny amin'ny fanaovana tombana sy ny famonjena isaky ny sektora
- Manao vonjy aina ho an'ny maratra sy marary
- Mamindra ny olona tavela any amin'ny toerana dibodrano mankany amin'ny toerana voaaro
- Atsangano ny lisitry ny traboina sy ny tsy manankialofana
- Mitantana ny "sites d'hebergement"  sy ny fanampiana : Manamboara toeram-pivoahana, toeram-pidiovana, ary manaova rano fisotro madio
- Araho ny trangan'aretina na valan'aretina mety hiseho
- Manaova ny tombana miaraka ny amin'ny fahavoazana voalohany
- Alefao ny tatitra voalohany any amin'ny BNGRC, Croix-Rouge Malagasy, amin'ny alalan'ny SMS, Radio BLU, antso antelefonina



# MIROTSAHA

# HO MPILATSAKA AN-TSITRAPO

"Ampio Izy Hanampy"

**TSOTRA NY DINDAGANA ARAHINA :**

- Manatona ny biraon'ny Croix-Rouge Malagasy akaiky anao
- Mitondrà karapanondro
- Fenoy ny takelaka fidirana ho mpilatsaka an-tsitrapo




***La Journée Internationale des Volontaires (JIV) met en lumière les volontaires et leur contribution au developpement.***

# JIV

## 05 desambra 2020, andro maneran-tany ho an`ny mpilatsaka an-tsitrapo

Faritra maro manerana ny nosy no nankalaza ny andro maneran-tany ho an'ny mpilatsaka an-tsitrapo ny 05 desambra 2020. **"Ensemble, c`est possible grâce au volontariat"** no teny filamatra niombonana tamin`ireo mpilatsaka an-tsitrapo rehetra manerana an`izao tontolo izao tamin`ity taona ity. Anisany nanamarika izany ny teto Antananarivo Renivohitra (**Analamananga**), Antsirabe (**Vakinankaratra**), **Bongolava**, ny tany Antalaha (**SAVA**), ny tany Toamasina (**Atsinanana**), Mampikony (**Sofia**), Toliara (**Atsimo Andrefana**) ary ny tao Nosy Be sy Ambanja (**Diana**) sy ireo faritra hafa maro.

Nitovy avokoa ny hetsika natao nentina nanamarihana io andro io toy ny :

- Fanadiovana ny tanàna tamin'ny alalan'ny asa tagnamaro, ny fanatsarana ny foto-drafitr'asa (foibe Croix-rouge, fandokona zaridaina sy tranom-panjakana, fanadiovana lakan-drano, tokotanin'ny hopitaly)
- Fanentanana ny olona mba hilatsaka an-tsitrapo.
- Fanentanana ny olona mahakasika ny Covid-19 sy ireo fihetsika fiaro amin`izany
- Fizarana fitafiana, kiraro, savony ary PPN ho an'ireo sahirana
- Fizarana "Certificat de reconnaissance" ho an`ireo mpilatsaka an-tsitrapo, niasa nandritra ny taona 2019.





sortie

CROIX-ROUGE MALAGASY
Jeunes Pour L'Humanité











# BIOGRAPHIE
*d'un volontaire engagé*




## TSIRAHA Tefisoandrainy **Estella** (Yankee)

Madame TSIRAHA Tefisoandrainy Estella est une mère de famille. Elle habite à Mahanoro dans le chef lieu de la commune de Mahanoro, également du District de Mahanoro.

- Elle est inscrite en tant que volontaire de la CRM et participe activement aux activités de la Croix Rouge Malagasy dans son district.
- Elle est une volontaire spécifique en GRC appelé BDRT et également encadreur district dans le cadre de la lutte contre la peste.

### Diplôme ou compétences spécifiques

Maîtrise Es-Lettre en Philosophie

### Activités marquantes

- PPVH lors de la formation des Volontaires au niveau des Communes ;
- Mobilisation des Volontaires.

### Motivation en tant que volontaire de la Croix-Rouge Malagasy

- Réduction des souffrances humaines ;
- Lutte contre les vulnérabilités ;
- Aide aux sinistrés ;
- Être parmi le Mouvement de la Croix-Rouge et du Croissant Roufe

### Dates d'activités en tant que volontaire

- 18 au 21/02/20 : Evaluation des dégâts après l'inondation causé par Francisco (ZCIT)
- 08/05/20 : Dispatching de caches-bouches (masques) aux gens les plus démunies.
- 20/06/20 : Sensibilisation et distribution de caches-bouches (masques) aux paysans pour la lutte contre la CoViD-19 ;
- 01/10/20 :Distribution de morceaux de savon, de bouteilles d'huile de table, et de sacs de riz aux personnes âgées ;
- 14/11/20 : Facilitatrice de la réunion de rencontre entre les Volontaires de la Croix-Rouge Malagasy à Mahanoro, le Bureau de District de la CRM à Mahanoro et le Staff régional de la CRM à Atsinanana.

# 7 principes Fondamentaux de la Croix-Rouge







## HUMANITE (FITANDROANA NY MAHA-OLONA)

Ny Ainga iraisam-pirenen'ny CROIX ROUGE sy ny CROISSANT ROUGE (Mouvement International de la Croix-Rouge et du Croissant-Rouge) dia nateraky ny finiavana hitondra vonjy ho an'ireo maratra tsy an-kanavaka teo am-bava ady. Koa noho izany, na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, na isaky ny firenena, dia miezaka ny hisoroka sy hanamaivana ny fahorian'ny olombelona amin'ny fotoana rehetra izy. Miezaka hanao izay hiarovana ny aina sy ny fahasalamana ary hanajana ny mahaolona ny olona izy. Ary mampirisika ny fifankahazoan-tsaina, ny fifankatiavana, ny iaraha-miasa ary ny fandriampahalemana maharitra eo amin'ny olona rehetra.

## IMPARTIALITE (TSY FANAVAKAVAHANA)

Tsy manao fanavakavahana ara-piaviana, ara-pirazanana, ara-pinoana, ara-tsaranga na ara-pirehana politika ny Croix-Rouge. Ny hany imasoany dia ny hamonjy ny olona arakaraka ny fahavoazana mianjady amin'izy ireo, ka omeny laharam-pahamehana amin'izany ireo tratry ny voina mahery vaika indrindra.

## NEUTRALITE (TSY FIANDANIANA)

Ny Croix-Rouge dia mifady ny firotsahana eo amin'ny ady, mba hitandroana ny fitokisan'ny rehetra azy, ary amin'ny fotoana rehetra dia tsy miandany eo amin'ny adi-lahy ara-politika, ara-pirazanana, ara-pinoana na ara-pirehana izy.

## INDEPENDANCE (MAHATSANGY)

Mahaleo tena ny Croix-Rouge. Mpanampy ny manam-pahefana izy eo amin'ny asa fiarovana ny maha-olombelona, ara manaja ny lalàna velona mifehy ny firenena misy azy avy. Na izany aza dia tsy maintsy mitandro ny fizakan-tenany ny Croix-Rouge mba hahafahany manaja mandrakariva ny foto-kevitra ijoroan'ny fikambanana eo amin'ny asa iandraiketany.

## VOLONTARIAT (FIROTSAHANA AN-TSITRAPO)

Ainga iombonan'ireo mikarakara vonjy an-tsitrapo ny Croix-Rouge koa tsy mitaky tambiny ireo mpikambana ao aminy.

## UNITE (TOKANA)

Tsy tokony hisy afa-tsy fikambanana Croix-Rouge na Croissant-Rouge iray ao amin'ny firenena iray. Tsy maintsy misokatra, ho an'ny olona rehetra izany fikambanana izany, ary mahasahana ny firenena manontolo ny asa fanasoavana iandraiketany

## UNIVERSALITE (FIRAISAM-BOLO)

Maneran-tany ny ainga iraisam-pirenen'ny Croix-Rouge sy ny Croissant-Rouge, ary ao anatin'ny ainga izany dia manana zo mitovy sy adidy hifanampy ireo ikambanana isam-pirenena tsirairay mivondrona ao aminy.


FORMEZ VOUS
POUR
SAUVER
DES VIES
FORMATEURS SPECIALISES
12 MODULES COMPLETS
PREMIERS SECOURS DE BASE.
FORMATION CERTIFIANTE
CERTIFICAT RECONNU
AU NIVEAU INTERNATIONAL.
3 JOURS
CONTINUS
8H à 16H30.
CROIX-ROUGE
MALAGASY
70.000AR
FRAIS
D'INSCRIPTION.
PLANNING DISPONIBLE
SUR LA PAGE FACEBOOK
RESERVEZ VOS DATES
Croix-Rouge Malagasy
INSCRIPTION UNIQUE
AU SIEGE
1 RUE PATRICE LUMUMBA
TSARALALANA - ANTANANARIVO.
034 54 471 47 - 034 54 458 62